


**Michael P. Pelletier, Ambasadaoron’i Etazonia eto Madagasikara sy Kaomoro , sy ny Filoham-pirenena, Andry Rajoelina teny Iavoloha**

***Tetikasa vaovao telo an’ny USAID no hitondra fanampiana ara-tsakafo mivantana sy vahaolana maharitra***




**Iavoloha, Alatsinainy 14 Desambra 2020**. Teo anatrehan’ny Filoham-pirenena Andry Rajoelina no nanambaran’ny Ambasadaoro amerikana Michael P. Pelletier tamin-kafaliana ny tetikasa vaovao telo vatsian'ny Sampandraharaha Amerikana Misahana ny Fampandrosoana Iraisam-pirenena (USAID) vola ka itondran’i Etazonia 100 tapitrisa dolara fanampiny hiadiana amin'ny tsy fanjarian-tsakafo eto Madagasikara. Amin'ny alàlan'ireo tetikasa ireo ny governemanta amerikana no hiara-miasa akaiky amin'ny fanjakana malagasy ka hamaly ny filana maikan’ireo fianakaviana tratry ny hanoanana, ary hitondra vahaolana maharitra ho an’ny tsy fanjarian-tsakafo any atsimo sy atsimo atsinanan’ny Nosy.

Nilaza ny fahitany ny olana sy ny fanamby any amin’ny faritra tena voa mafy any atsimo ny Ambasadaoro Pelletier izay vao avy nanao fitsidihana tany an-toerana, ary nanamarika ny fahombiazan’ny fanampiana amerikana izay iaraha-mandrindra amin’ny governemanta sy ireo mpiara-miombona antoka. Nanamafy izany tamin’ny ohabolana malagasy malaza izy ka nilaza hoe: *"Mpirahalahy mianala isika; ianao tokiko, izaho tokinao".* (Eto ny Kabarin'ny Ambasadaoro Pelletier manontolo)

Nandritra izay folo taona lasa izay i Etazonia dia nanampy ny fanjakana sy ny vahoaka malagasy niatrika rivodoza, pesta, kitrotro sy ny COVID-19. Hatramin’ny taona 2015 ny governemanta amerikana no mpamatsy lehibe indrindra fanampiana ara-tsakafo sy fitaovam-pambolena ho an’ny faritra atsimon'i Madagasikara, nanome vola mitentina 100 tapitrisa dolara ho fanampiana amin’ny hamehana.

Araka ny paikadin'ny fanjakana malagasy ho famahana ny tsy fanjarian-tsakafo any atsimo, ireto tetikasa telo vaovao an’ny USAID ireto dia tsy vitan'ny hoe mitondra fanampiana ara-tsakafo maika fotsiny, fa hamolavola vahaolana maharitra ihany koa ho an’ny tsy fanjarian-tsakafo.

Ny tetikasa Firangà an'ny USAID dia hitondra fanampiana vonjy maika mitentina 10 tapitrisa dolara ho an'ny mponina maherin’ny 222.000 any amin'ny faritra Atsimo Andrefana sy Androy izay tena voa mafy. Ity tetikasa ity dia hitsabo ihany koa ny vokatry ny tsy fahampian-tsakafo eo amin'ny zaza latsaky ny dimy taona. Ny Catholic Relief Services no hanatanteraka ny tetikasa Firangà.

Ny tetikasa fampandrosoana Maharo an’ny USAID, izay maharitra 5 taona ary mitentina 45 tapitrisa dolara, dia hiantoka ny filana ara-tsakafo maharitra ho an’ny mponina marefo maherin’ny 279.000 ao Atsimo Andrefana sy Androy, hanatsara ny fahasalamany, ary hanamafy ny sandan-tohatr’izy ireo sy ny fari-piainany. Eo amin’ny fohy ezaka, ny tetikasa Maharo dia hitondra fanampiana maika ho an'ireo fianakaviana marefo. Ny Catholic Relief Services ihany koa no manatanteraka ny tetikasa Maharo..


Ny tetikasa fahatelon’ny USAID dia ny tetikasa Fiovana izay maharitra dimy taona sy mitentina 45 tapitrisa dolara, ary entina hampihenana ny tsy fanjarian-tsakafo eo amin’ny mponina maherin’ny 428.000 any amin'ny faritra Vatovavy-Fitovinany sy Atsimo Atsinanana. Ny Adventist Development and Relief Agency no hanatanteraka ny tetikasa Fiovana.

Ireo tetikasa rehetra ireo dia hiara-hiasa akaiky amin'ny fanjakana malagasy eo amin’ny fiatrehana ny hain-tany sy ny asa fampandrosoana lavitra ezaka. Ny tetikasa dia mifanindran-dàlana ihany koa amin'ireo tetikasa vonjy taitra mitentina maherin’ny 10,5 tapitrisa dolara izay vatsian'ny governemanta amerikana vola ary tanterahan’ny Programme Alimentaire Mondial sy ny UNICEF, ahitana fanampiana ara-tsakafo milanja 8.330 taonina sy fitsaboana ny tsy fanjarian-tsakafo eo amin’ny ankizy madinika, mitentina 2,5 tapitrisa dolara.

Efa 36 taona izao ny governemanta amerikana, amin'ny alàlan'ny USAID, no miara-miasa amin'ny fanjakana malagasy sy ireo mpiara-miombon'antoka eto an-toerana, manatsara ny fahasalamana sy fiaimpiainan’ny vahoaka malagasy. Tamin'ny taon-dasa dia nitentina 114 tapitrisa dolara ny fanampiana nentin’ny USAID, ka ny 62 tapitrisa tamin’izany dia teo amin’ny sehatry ny fahasalamana izay i Etazonia no firenena mpanome fanampiana lehibe indrindra. Ny 52 tapitrisa dolara ambiny kosa dia nanampiana tetikasa isan-karazany ho fampandrosoana ny toekarena sy ny asa, fiarovana sy fampivelarana ny harena voajanahary sy ny maha olona, ny harena an-dranomasina sy ny ala, ary fampiroboroboana ny fambolena lovain-jafy sy ny

fanjarian-tsakafo.

100 tapitrisa $ avy amin’ny governemanta amerikana itondrana fanampiana maika ara-tsakafo sy vaha olana maharitra amin’ny alalan’ny tetikasa telo vaovao an’ny USAID.




**TETIKASA VAOVAO**

Tetikasa vaovao an’ny USAID miisa telo mitentina 100 tapitrisa $ no hitsinjovana maika ny filan’ny ankohonana tratry ny hanoanana sy itondrana vaha olana maharitra ho an’ny tsy fanjarian-tsakafo any atsimo sy atsimo atsinanana.

**TETIKASA ARA-TSAKAFO HO AN’NY FAMPANDROSOANA: MAHARO SY FIOVANA**

Ny tetikasa fampandrosoana Maharo sy Fiovana an’ny USAID Madagascar, izay vatsian’ny *Bur eau for Humanitarian Assistance* an’ny USAID vola mitentina 90 tapitrisa $, dia mampiasa fomba maro hampandrosoana ny fambolena, ny fitantanana, ny fivelomana, ny fahasalamana ary ny fiomanana amin’ny loza mba hiatrehana ny tsy fanjarian-tsakafo raiki-tampisaka sy mahery vaika.

Azo atambatra ho telo ny lahasa: Fahasalamana sy Fanjarian-tsakafo; Fambolena sy Fivelomana; ary Fanalefahana sy Fiomanana amin’ny Loza. Ahitana lafiny fanomezam-pahefana ny vehivavy, tanora, sy fitantanana ny singa tsirairay. Catholic Relief Services (CRS) no mpanatanteraka fototra ny tetikasa Maharo izay hotanterahana any amin’ny

faritra Atsimo Andrefana sy Androy ary hanampy mponina maherin’ny 279.000. Ny Adventist Development and Relief Agency (ADRA) indray kosa no mpanatanteraka fototra ny tetikasa Fiovana. Hotanterahana any amin’ny faritra Atsimo Atsinanana sy Vatovavy-Fitovinany ny tetikasa ary hanampy mponina maherin’ny 428.000.




**Tanjon’ny tetikasa Maharo**

- Fanampiana ireo tena marefo amin’ny asa sosialy sy harato fiarovana

- Fanatsarana ny fanjarian-tsakafon'ny vehivavy bevohoka sy mampinono, ny zatovo sy ny zaza latsaky ny dimy taona

- Fanomezana fahafahana hihary ho an'ny tena mahantra sy ny ankohonana ahitana vehivavy, tanora sy olona manan-kilema

- Fanatsarana ny fahafahan'ny fianakaviana, vondron'olona sy fikambanana miaritra ny loza sy ny vokatry ny toetrandro

**Tanjon'ny tetikasa Fiovana**

- Fanatsarana ny fanjarian-tsakafo sy ny fahasalaman'ny vehivavy, ny zatovovavy, ny zazakely

- Fampitomboana ny vola miditra mba ahafahan'ny mponina mividy sakafo sy kojakoja ilaina, ary manangom-bola

- Manentana amin'ny fanatsarana ny fitantanana ny sosialy sy ny tontolo iainana ary ny fiomanana amin'ny loza

**NY TETIKASA HIATREHANA HAMEHANA FIRANGA**

Ny tetikasa Firangà dia hitondra fanampiana ara-tsakafo iatrehana ny hamehana, miaraka amin'ny tetikasa fampandrosoana Maharo izay tanterahan'ny CRS. Distrika enina any amin'ny faritra Atsimo Andrefana sy Androy no hanatontosana ny Firangà: Tsihombe, Beloha, Ampanihy, Toliara II, Sakaraha sy Morombe. Vahoaka maherin'ny 222.000 no hisitraka ny tetikasa izay mikendry ny hampihenana ny tsy fanjarian-tsakafo amin'ny fidirana an-tsehatra eo amin'ny lafiny roa:

- Fanampiana ara-tsakafo iatrehana ny hamehana

- Fanohanana ara-tsakafo hisorohana sy hitsaboana ny tsy fanjarian-tsakafo antonony na mahery vaika eo amin’ny zaza latsaky ny dimy taona.




**TETIKASA IATREHANA HAMEHANA EFA MIASA ANY ATSIMON’I MADAGASIKARA**

Tetikasa iatrehana ny hamehana mitentina 10,5 tapitrisa $ no vatsian’ny governemanta amerikana amin’izao fotoana izao, izay tanterahan’ny Programme Alimentaire Mondial (PAM) sy UNICEF, ahitana fanampiana ara-tsakafo amin’ny hamehana milanja 8.330 taonina ho an’ny vahoaka marefo maherin’ny 350.000, ary fitsaboana ny tsy fanjarian-tsakafo eo amin’ny zaza miisa 64.000.

Efa hatramin’ny taona 2015 ny governemanta amerikana no mpanome fanampiana ara-tsakafo sy fitaovam-pambolena lehibe indrindra any atsimo, mitondra fanampiana amin’ny hamehana mitentina maherin’ny100 tapitrisa $ ho an’ny vahoaka malagasy maherin’ny 1,5 tapitrisa hiatrika ny haintany mahery vaika izay mianjady amin’ny faritra atsimon’ny Nosy.

Tena mahery vaika ny haintany tamin’ity taona ity, ary vonona lalandava ny governemanta amerikana hiatrika izany eo anilan’ny fanjakana sy ny vahoaka malagasy.

**MOMBA NY FIARAHA-MIOMBONA ANTOKA**

Efa 36 taona izao ny governemanta amerikana, amin'ny alalan'ny Sampandraharaha Amerikana misahana ny Fampandrosoana Iraisam-pirenena (USAID), no miara-miasa amin'ny fanjakana malagasy sy ny mpiara-miombona antoka eto an-toerana manatsara ny fahasalamana sy mampiroborobo ny fiainan'ny vahoaka malagasy.

Nandritra izay folo taona laza izay, dia nijoro hatrany teo anilan'ny fanjakana sy ny vahoaka malagasy ny governemanta amerikana, niatrika ny rivodoza, ny pesta sy ny kitrotro, ary nandritra ity taona nanahirana ity, niady tamin'ny valan'aretina COVID-19.

Ohabolana malagasy malaza iray no mahafehy ny fiaraha-miombona antoka eo amin'i Etazonia sy Madagasikara: *Mpirahalahy mianala isika; ianao tokiko, izaho tokinao* **(Michael P. Pelletier, Ambasadaoron'i Etazonia eto Madagasikara sy Kaomoro).**

Marihina etoana fa tamin'ny taon-dasa dia nitontaly 114 tapitrisa $ ny fanampiana nentin'ny USAID, ka ny 62 tapitrisa tamin'izany dia teo amin'ny sehatry ny fahasalamana izay i Etazonia no firenena mpanome fanampiana lehibe indrindra. Ny 52 tapitrisa dolara ambiny kosa dia nanampiana tetikasa isan-karazany ho fampandrosoana ny toekarena sy ny asa, fiarovana sy fampivelarana ny harena voajanahary sy ny maha olona toy ny harena an-dranomasina sy ny ala, ary fampiroboroboana ny fambolena lovain-jafy sy ny fanjarian-tsakafo.

**Jeannot Ramambazafy - Harilala Randrianarison**

**Fisaorana ho an'ny USAID MADAGASCAR**